

TOEKARENA SY FITANTANAM-BOLA

ECONOMIE et FINANCES

Newsletter

M A D A G A S I K A R A

09 JUILLET 2025



DEVELOPPEMENT

11 projets de loi adoptés :

877,5 millions USD

pour transformer le pays

FEC - FRD

Le FMI approuve un nouveau décaissement
de 107 millions de dollars pour Madagascar

11 projets de loi adoptés : 877,5 millions USD pour transformer le pays

L'Assemblée Nationale et le Sénat ont validé plusieurs projets de loi, représentant un montant total de 877,5 millions USD de financements. Ces textes traduisent une ambition forte : mettre en œuvre des projets concrets, utiles et visibles, avec l'appui des partenaires techniques et financiers, dont la Banque Mondiale et la BAD. Amélioration de la production agricole, électrification des zones enclavées, infrastructures routières, résilience climatique, éducation, inclusion sociale... Chaque projet a été conçu pour répondre à des besoins réels, dans le respect des engagements pris avec le FMI. À noter : seul le projet sur la stabilité financière a été amendé, les autres ont été validés sans modification. Ces financements couvrent la durée totale des projets jusqu'en 2030, et ne constituent ni une dette immédiate, ni un dépassement du plafond annuel (800 millions USD/an) convenu avec le FMI.

Les projets de loi en détail :

Projet d'Aménagement de Corridors et de Facilitation du Commerce – Phase III (PACFC III)

Montant du projet : 165 millions USD.

Financement : FAD (Fonds Africain de Développement) – Banque Africaine de Développement

Ce financement vise à désenclaver le Sud du pays en améliorant les infrastructures de transport et en facilitant les échanges commerciaux du pays avec les autres pays membre du COMESA, de la SADC et de la COI. Sous tutelle du Ministère des Travaux Publics, le projet permettra notamment une connectivité complète entre Bevoay et Morombe, et de construire la Rocade-Digue de Fiherenana pour protéger la ville de Tuléar contre les inondations.

La mise en œuvre du PACFC III s'articule autour de quatre composantes majeures :

- **Travaux routiers** : réhabilitation et aménagement de routes stratégiques dans les régions d'Atsimo Andrefana et de Menabe, afin d'assurer une circulation fluide, sûre et durable des personnes et des marchandises.
- **Facilitation du commerce régional** : renforcement de la sécurité maritime, modernisation des procédures douanières et promotion des innovations technologiques pour stimuler les échanges commerciaux intra-régionaux, notamment entre les ports de Tuléar et de Beira.
- **Aménagements et activités connexes** : réalisation d'infrastructures locales communautaires et mise en œuvre de programmes d'autonomisation des populations vulnérables, en vue d'une amélioration tangible des conditions de vie locales.
- **Appui à la gestion et au suivi du projet** : renforcement des logistiques pour assurer une coordination efficace, une bonne gouvernance et un suivi rigoureux de toutes les composantes du projet.
- Ce projet s'inscrit dans la stratégie plus large de l'État en matière de développement durable et d'intégration régionale. Le Gouvernement entend ainsi faire des infrastructures un levier de croissance inclusive, de cohésion territoriale et de promotion du commerce régional.



877,5 tapitrisa dolara ho an'ny fanovàna an'i Madagasikara

Nankatoavin'ny Antenimiera roa tonta ny volavolan-dalàna maro, izay mitentina 877,5 tapitrisa dolara amerikana raha atotaly. Anisan'ny tanjona ao ambadik'izany ny fanatanterahana tetikasa mivantana sy hita maso, hanatsaràna ny fiainana andavanandron'ny Malagasy miaraka amin'ny fanohanana avy amin'ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola, toy ny Banky Iraisam-pirenena sy ny Banky Afrikanina ho an'ny Fampandrosoana.

Fampitomboana ny vokatra ara-pambolena, fanitarana ny herinaratra, fanamboarana lalana, fahaiza-miatrika ny fiovaovan'ny toetrandro, fanohanana ara-tsosialy... miompana amin'ny filàna tena misy ireo tetikasa rehetra.

Marihina fa lalàna iray monja no nasiam-panitsiana (ilay momba ny fahamarinan-toerana ara-bola), ny sisa kosa dia voaray tsy niova. Ireo vola voatondro dia mifanaraka amin'ny faharetan'ny tetikasa (hatramin'ny 2030), ka tsy fandaniana avy hatrany izany, ary tsy manitsaka ny fetran'ny trosa napetraka miaraka amin'ny FMI (800 tapitrisa USD isan-taona).

Andinindininy mahakasika ireo volavolan-dalàna :

Tetikasa PACFC III : famatsiam-bola fanampiny mitentina 165 tapitrisa Dolara avy amin'ny Banky Afrikanina ho an'ny Fampandrosoana amin'ny alalan'ny FAD (Fonds Africain de Développement)

Ity famatsiam-bola ity dia entina hanohanana ny Faritra Atsimo, amin'ny fanatsaràna ny foto-drafitrasa fitaterana sy fampiroboroboana ny fifanakalozana ara-barotra eo Madagasikara sy ny firenena mpikambana ao amin'ny COMESA, SADC ary COI.

Ny Minisiteran'ny Asa Vaventy no miandraikitra ity tetikasa ity ka hotanterahina ao anatin'izany ny fampifandraisana ny tanànan'i Bevoay sy Morombe, ary ny fanamboarana ny lalana manodidina an'i Fiherenana hiarovana ny tanànan'i Toliara amin'ny tondra-drano.

Ny fanatanterahana ny tetikasa PACFC III dia mizara ho lafiny efatra lehibe : ny asa fanamboaran-dalàna, ny fanamorana ny fifanakalozana ara-barotra isam-paritra, ny fanamboarana sy asa mifandray amin'izany, ary ny fanohanana amin'ny fitantanana sy ny fanaraha-maso ny tetikasa.

Projet MIONJO “ Soutien aux moyens de subsistance résilients dans le Sud de Madagascar ”

Montant du projet : 54 millions USD.

Financement IDA (Association Internationale de Développement) — Banque Mondiale

Ce projet est un financement additionnel au projet Mionjo afin de répondre à la pauvreté structurelle et à la marginalisation du Sud, pour renforcer l'adaptation et la résilience en cohérence avec les priorités du Gouvernement. L'objectif, est de ce fait, d'améliorer l'accès aux infrastructures de base et aux moyens de subsistance, de renforcer la gouvernance locale dans le Sud de Madagascar en mettant l'accent sur les jeunes et les femmes et assurer une réponse rapide et efficace à la crise de sécurité alimentaire et à d'autres situations de crise ou d'urgence éligibles. Sous tutelle technique du Ministère de Décentralisation et de l'Aménagement du Territoire, 3 Régions de Madagascar seront les principaux bénéficiaires : Androy, Anosy et Atsimo Andrefana.

Projet Régional pour la Résilience Climatique (PRCC) - Financement Additionnel : 100 000 000 USD

Financement IDA (Association Internationale de Développement) - Banque Mondiale

Cet accord conclu le 20 juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA) s'inscrit dans le cadre d'une réponse concertée aux défis majeurs posés par le changement climatique en Afrique de l'Est et Australe, deux régions particulièrement exposées aux catastrophes naturelles telles que les cyclones, les sécheresses et les inondations. Madagascar figure parmi les zones les plus vulnérables au monde face à ces aléas climatiques. Le PRCC constitue la première opération du Programme de Résilience Climatique en Afrique de l'Est et Australe, lancé par la Banque mondiale. Le principal objectif du projet est d'améliorer la gestion des impacts climatiques liés à l'eau et, en cas de crise ou d'urgence éligible, d'y répondre rapidement et efficacement. Le projet s'articule autour de quatre composantes clés : (i) la gestion des risques et le financement climatique, avec pour objectif de renforcer les capacités institutionnelles en matière de gestion des risques liés au climat et de faciliter l'accès aux financements dédiés ; (ii) les investissements dans les infrastructures et la gestion durable des actifs, en mettant l'accent sur la construction et la réhabilitation d'infrastructures résilientes, l'amélioration de la gestion des biens publics, ainsi que le renforcement des capacités pour mieux faire face aux aléas climatiques ; (iii) les services d'adaptation au changement climatique, à travers la sensibilisation des communautés, l'intégration de dispositifs de protection sociale et l'autonomisation des populations dans la gestion locale de la résilience. Enfin, (iii) la quatrième composante est dédiée à la gestion du projet, incluant la coordination et le suivi de sa mise en œuvre.

Le projet implique plusieurs partenaires et acteurs institutionnels, notamment les ministères en charge des Finances, de l'Eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène, de la Décentralisation et de l'Aménagement du Territoire, des Travaux Publics, de l'Intérieur, des Transports et de la Météorologie, de la Population et de la Solidarité, de l'Environnement et du Développement Durable, de l'Agriculture et de l'Élevage, de l'Énergie, ainsi que plusieurs organismes spécifiques tels que l'APIPA, l'Agence Routière, la CPGU, le BNGRC, le FID, la JIRAMA et la DGM.

Tetikasa MIONJO : famatsiam-bola fanampiny mitentina 54 tapitrisa Dolara avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena amin'ny alalan'ny IDA (Association Internationale de Développement)

Ity famatsiam-bola fanampiny ity dia natao hiadiana amin'ireo krizy samihafa izay misy any amin'ny faritra Atsimo, ary natao ihany koa hisitrakan'ny tanora sy ny vehivavy ny tombon-tsoa azo avy amin'ireo karazana foto-drafitrasa hatsangana amin'ity tetikasa ity. Marihana fa ny Faritra Androy, Anosy ary Atsimo-Andrefana no hisitraka izany ary ny Minisiteran'ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanajariana ny tany no hiandraikitra azy.

Tetikasa Iraisam-pirenena ho an'ny Fanoherana ny Fiovan'ny Toetr'andro (PRRC)

Tafiditra ao anatin'ny ezaka iarahana amin'ireo firenena afrikanina hamaliana ny fanamby lehibe ateraky ny fiovan'ny toetr'andro any Afrika Atsinanana sy Atsimo, faritra tena marefo sy tratran'ny loza voajanahary matetika toy ny rivo-doza, hain-tany ary tondra-drano ity tetikasa ity.

Ny tanjona amin'ny tetikasa dia ny fanatsarana ny fahaiza-mitantana ny fiantraikan'ny fiovan'ny toetr'andro mifandray amin'ny rano, ary koa ny fanomezana fahaizana mamaly haingana sy mahomby raha sendra krizy na loza vonjy maika. Mizara ho sokajy efatra lehibe ny tetikasa: (i) fitantanana ny loza sy famatsiam-bola amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro, (ii) fampiasam-bola amin'ny fotodrafitrasa sy fitantanana maharitra ny fananana, (iii) fanomezana tolotra ho an'ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny vondrom-piarahamonina, (iii) fandrindrana sy fanaraha-maso ny fanatanterahana ny tetikasa.

Minisitera maromaro no miara-misalahy amin'ity tetikasa ity: ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola (MEF), ny Minisiteran'ny Rano, Fanadiovana sy Fahadiovana (MEAH), ny Minisiteran'ny Fitsinjaram-pahefana sy Fampandrosoana ny Faritra (MDAT), ny Minisiteran'ny Asa Vaventy (MTP), ny Minisiteran'ny Atitany (MID), ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Toetr'andro (MTM), Minisiteran'ny Mponina sy Fampandrosoana Ara-tsosialy (MPS), ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Lovainjafy (MEDD), ny Minisiteran'ny Fambolena sy Fiompiana (MINAE), ny Minisiteran'ny Angovo (MEH), ary koa rafitra manokana toa ny: APIPA, Agence Routière (AR), CPGU, BNGRC, FID, JIRAMA, ary DGM.



Projet Connecter Madagascar pour une croissance Inclusive (PCMRI)

Montant du projet : 211,5 millions USD.

Financement IDA (Association Internationale de Développement) _ Banque Mondiale

Conclu le 30 juin 2025 entre l'Association Internationale de Développement et Madagascar, ce financement a pour objectif d'améliorer la connectivité, la résilience et la gestion des routes principales dans des zones rurales de Madagascar. Ceci afin d'améliorer l'accès aux opportunités sociales et économiques de ces régions.

Concrètement, ce financement devrait (i) améliorer l'état des routes principales, (ii) améliorer l'accessibilité et les avantages socio-économiques des routes de desserte, (iii) soutenir les réformes du secteur routier et des transports. Les travaux seront sous la tutelle technique du Ministère des Travaux Publics.

MERG2 « Opération d'Appui Budgétaire à une Croissance Equitable et Résiliente »

Montant du projet : 100 millions USD

Financement IDA (Association Internationale de Développement) Banque Mondiale

Ce financement, d'un montant total de 100 millions USD, vise (i) à renforcer la gouvernance et la résilience macro-budgétaire, et (ii) améliorer le climat d'investissement et approfondir les réformes structurelles dans les secteurs critiques. Ces deux objectifs principaux sont répartis sur sept actions préalables, à savoir : le renforcement de la gestion des investissements publics et des marchés publics de manière intelligente et transparente sur le plan climatique ; le renforcement de l'efficacité des transferts des collectivités locales ; la rationalisation des incitations douanières et fiscales ; l'avancement des réformes liés à l'investissement et au commerce ; l'accélération des réformes en matière de connectivité numérique ; l'approfondissement des réformes dans le secteur de l'énergie et l'exploitation du potentiel de croissance du secteur minier.

La mise en œuvre de ce projet est attribuée en une **Tranche de Retrait Unique** et conditionnée par l'approbation des engagements de réforme et sera suivie et évaluée par le Ministère de l'Economie et des Finances.

PCMRI : ho fampifandraisana ireo tanàna rehetra eto Madagasikara

Mitentina 211,5 tapitrisa dolara ny famatsiam-bola azo avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena amin'ny alalan'ny IDA (Association Internationale de Développement) entina hanamboarana sy hanatsaràna ireo fotodrafit'asa mampifandray ireo faritra eto Madagasikara, ka ny làlana sy tetezana no tena hifantohan'ny asa.

Ny Minisiteran'ny Asa vaventy arak'izany no hiandraikitra ny asa isay tokony aharitra 3 taona.

MERG 2 : Famatsiam-bola mitentina 100 tapitrisa dolara avy amin'ny Banky iraisam-pirenena amin'ny alalan'ny IDA

Ity famatsiam-bola ity, dia entina hanohanana ny (i) fanamafisana ny fitantanana sy ny fahamatoran'ny toe-karena ara-bola ; (ii) fanatsarana ny tontolon'ny fandraharahana sy fanalalahana ny fanatanterahana ireo fanavaozana fototra tena ilaina, izay mizara sehatra fito mazava tsara, dia ireto avy :

- fanamafisana ny fitantanana ny fampiasam-bolam-panjakana sy ny tsenambaram-panjakana amin'ny mangarahara ara-tontolo iainana,
- fanamafisana ny fahombiazan'ny famindram-bola ho an'ny vondrom-bahoakam-paritra,
- fanatsarana sy fanamafisana ny rafitra fanomezana tombontsoa amin'ny lafiny hetra sy fadintseranana,
- fampandrosoana ny fanavaozana eo amin'ny sehatry ny fampiasam-bola sy ny varotra,
- fanamafisana ny fanavaozana haingana eo amin'ny sehatry ny fifandraisana nomerika,
- fanavaozana eo amin'ny sehatry ny angovo,
- ary fampivoarana ny fandraisana anjara ara-toekarena amin'ny alalan'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany.

Ny fanatanterahana ity tetikasa ity dia hatao amin'ny alalan'ny Tranche de Retrait Unique (famoahana tokana) ary miankina amin'ny fankatoavana ireo fepetra fanavaozana. Ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no tompon'andraikitra amin'ny fanaraha-maso sy fanombanana izany.



Maintien de la stabilité financière et instituant les autorités macroprudentielles Dispositif institutionnel et réglementaire

Portage : Banky Foiben'i Madagasikara

Financement : Appui technique du FMI et de la Banque Mondiale

Ce projet de loi vise à instaurer un cadre légal solide pour préserver la stabilité du système financier malagasy, à travers la mise en place d'autorités macroprudentielles indépendantes chargées de prévenir les risques systémiques. Il s'inscrit dans le prolongement des réformes entamées depuis 2015 et tient compte des recommandations internationales issues des crises financières récentes. Ce texte prévoit notamment la création de deux organes : le C2C (Comité de Coordination) et le CRS (Comité de Résolution Systémique), ainsi qu'un système de sanctions et un secrétariat permanent. L'objectif est clair : renforcer la résilience du système financier national et éviter les effets domino en cas de crise.

Projet de Transformation pour une Croissance Inclusive (PIC3)


Montant : 71 millions USD

Source de Financement : Financement additionnel IDA (Association Internationale de Développement) Banque Mondiale

Ministère de tutelle : ministère de l'Economie et des Finances

Placé sous la tutelle du ministère de l'Economie et des Finances (MEF), ce projet vise à stimuler les secteurs à fort potentiel tels que l'agrobusiness, le tourisme et le numérique dans neuf régions cibles. Ce financement complémentaire d'assurer la continuité des investissements stratégiques du projet.

Le MEF, à travers son Unité de Coordination du PIC, joue un rôle central dans la mise en œuvre du projet, dont les résultats sont déjà visibles : 47 000 emplois créés, 700 PME soutenues, 40 millions USD d'investissements privés mobilisés, et 35 000 producteurs agricoles accompagnés. Dans le domaine du tourisme, plus de 3 500 nouvelles chambres ont été aménagées et 16 000 professionnels formés. Le programme MIARY Digital, a permis l'incubation de 47 start-ups, générant près de 300 emplois, dont 40 % pour les femmes. En parallèle, des réformes clés pour améliorer l'environnement des affaires et renforcer la gouvernance locale dans 162 communes ont été mises en place.



Fitazonana ny fahamarinan-toeran'ny fanjariambola sy mametraka rafitra manampahefana ara-pitsipi-pahamalinana amin'ny ankabobeny

Mpandrafitra : Banky Foiben'i Madagasikara

Famatsiam-bola / Fanohanana ara-teknika : Tahirimbola Iraisam-pirenena (FMI) sy Banky Iraisam-pirenena.

Ity volavolan-dalàna ity dia natao hanamafisana ny fahamarinan-toeran'ny rafitra ara-bola eto Madagasikara amin'ny alalan'ny fametrahana rafitra manampahefana mahaleotena izay hiandraikitra ny fanaraha-maso sy ny fiatrehana ireo loza mety hiteraka fikorontanana ara-bola mifampiankina. Tafiditra ao anatin'ny ezaka fanavaozana nanomboka tamin'ny taona 2015, izy ity dia mandinika ihany koa ny lesona avy amin'ireo krizy ara-bola iraisam-pirenena farany teo.

Manasongadina ny famoronana rafitra roa manan-danja ity volavolan-dalàna ity : ny Komity Filan-kevitra sy Fandrindrana (C2C) ary ny Komity mpitily ny fahavoazana mifampiankina (CRS).

Tanjon'ity volavolan-dalàna ity ny hiantohana ny fitoniana maharitra eo amin'ny rafitra ara-bola sy hiaro ny toekaren'ny firenena amin'ny fiantraikany mety ho mafy vokatry ny krizy ara-bola.

Famatsiam-bola fanampiny ho an'ny tetikasa PIC3

Ity fifanarahana ara-bola vaovao ity, izay mitentina 71 tapitrisa dolara amerikana, avy amin'ny Association Internationale de Développement (IDA), dia natao ho fanohizana sy fanamafisana ny Tetikasa PIC3. Tetikasa izay mikendry ny hanome aina vao ny sehatra manan-danja toy ny fambolena, ny fizahantany ary ny numerika.

Marihana fa nohon'ny tetikasa PIC3, dia 47 000 asa no efa noforonina, 700 orinasa madinika sy salantsalany no nahazo fanohanana, 40 tapitrisa dolara amin'ny vola tsy miankina no voasrika, ary 35 000 tantsaha no tohanana mivantana. Ao amin'ny sehatry ny fizahantany, efitrano fandraisam-bahiny 3 500 vaovao no naorina, ary 16 000 matihanina no voaofana tamin'ny alalan'ny programa Miatrika. Tsy ambanin-javatra ny numerika : ny programa MIARY Digital izay nampivelatra orinasa vao (start-ups) miisa 47, namorona asa mihoatra ny 283, ka 40% amin'ireo dia vehivavy avokoa.





Projet de Transformation de l'Accès et de l'Apprentissage à Madagascar

Montant du Projet : 185,388 millions USD

Financement : Association Internationale de Développement (IDA) – Banque Mondiale

Ce partenariat permettra de mettre en œuvre le Projet de transformation de l'accès et de l'apprentissage à Madagascar.

L'objectif est d'accroître le taux d'achèvement scolaire et améliorer les résultats d'apprentissage à travers :

Le renforcement de la profession enseignante, grâce à une meilleure stabilité de l'emploi, une rémunération plus équitable et l'élargissement de la formation continue ;

L'amélioration de l'environnement scolaire, incluant la réhabilitation des infrastructures, l'équipement en supports pédagogiques et un focus sur les zones vulnérables ;

Le renforcement des capacités de gestion et de planification, avec la modernisation des outils et une meilleure coordination entre les niveaux central et déconcentré ;

Une gestion efficace du projet, assurée par une cellule de coordination dédiée, garantissant transparence, redevabilité et pilotage axé sur les résultats ;

Un mécanisme d'intervention d'urgence, permettant d'assurer la continuité des apprentissages en cas de crise.

Mis en œuvre par le ministère de l'Éducation Nationale, ce projet s'attaque aux défis majeurs du système éducatif malgache : inégalités d'accès, manque de personnel qualifié, vulnérabilité climatique.

Projet LEAD (Développement de l'accès à l'électricité à moindre coût – Financement additionnel

Montant du projet : 11 millions USD

Financement : Association Internationale de Développement (IDA) – Banque Mondiale

Portage : Ministère en charge de l'Énergie

Date de signature de l'accord : 01 juillet 2025

Ce financement additionnel s'inscrit dans la continuité des actions entreprises dans le cadre du projet LEAD. Il vise à élargir l'accès à une électricité abordable à travers Madagascar, notamment au bénéfice des ménages, des entreprises et des centres de santé. Cette initiative s'aligne sur la politique publique d'accès universel à une électricité de qualité et à moindre coût.

L'objectif principal de ce financement est de permettre la réalisation de 195 000 branchements à tarif réduit (« branchements mora »).

Tetikasa fanavaozana ny sehatry ny fampianarana eto Madagasikara

Nisitrika famatsiam-bola mitentina 185,388 tapitrisa dolara amerikana ny sehatry ny fampianarana eto Madagasikara, ary famatsiam-bola avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena amin'ny alalan'ny Association Internationale de Développement (IDA).

Ity famatsiam-bola ity dia entina hanatsaràna ny sehatry ny fanabeazana mba hampanara-penitra azy, hanatsaràna ny kalitao sy ny fahaiza-mitantana ny sehatry ny fanabeazana.

Mba hahatratrarana io tanjona io dia mifantoka amin'ny dingana telo lehibe ny tetikasa:

- Fanatsaràna ny kalitao'ny fampianarana ;
- Fanamboarana sy fanatsaràna ireo fotodrafitr'asa, ary fanomezana ireo fitaovana ilaina eny anivon'ny sekoly,
- Fanamafisana ny fahaiza-mitantana sy fandrindrana eny ifotony.

Tetikasa LEAD – Fanitarana ny Fidirana amin'ny Herinaratra Mora Vidy

Teti-bola : 11 tapitrisa USD

Famatsiam-bola : Association Internationale de Développement (IDA) – Banky Iraisam-pirenena

Daty nanaovana sonia ny fifanarahana : 01 Jolay 2025

Ity famatsiam-bola fanampiny ity dia tohiny amin'ny tetikasa LEAD efa natomboka, izay manaraka ny Politikam-panjakana momba ny fisitrahana'ny vahoaka Malagasy Jiro mora. Ny tanjona dia ny hahatratrarana Jiro mora miisa 195 000, ahafahan'ireo tokantrano, orinasa, ary tobim-pahasalamana manerana an'i Madagasikara mifandray amin'ny herinaratra amin'ny vidiny mirary.





FEC - FRD

Le FMI approuve un nouveau décaissement de 107 millions de dollars pour Madagascar

Le Conseil d'administration du Fonds Monétaire International (FMI) a achevé la deuxième revue de la Facilité Elargie de Crédit (FEC) et du Fonds pour la Résilience et la Durabilité (FRD) en faveur de Madagascar. Cette décision a permis le décaissement immédiat de 107 millions USD. Elle reflète également la performance satisfaisante du pays dans la mise en œuvre des réformes économiques, malgré un contexte international défavorable marqué par la baisse de l'aide publique au développement (APD), des chocs climatiques à répétition et la hausse des droits de douane américains.

Le FMI souligne l'importance des réformes structurelles engagées, notamment l'adoption d'un plan de redressement de la société nationale JIRAMA, qui vise à améliorer la fourniture d'électricité et à réduire la dépendance budgétaire de l'entreprise. De même, la poursuite de l'application du mécanisme automatique d'ajustement des prix des carburants permettra de mieux maîtriser les risques budgétaires, tout en garantissant la protection des couches sociales les plus vulnérables. Ces mesures sont essentielles pour libérer des marges budgétaires nécessaires au financement des priorités de développement.

Toutefois, la mise en œuvre des réformes budgétaires et monétaires, couplée à une stratégie à moyen terme bien articulée, pourrait contribuer à renforcer la résilience économique du pays face aux chocs externes.

Enfin, dans le cadre du FRD, Madagascar a franchi des étapes importantes vers une meilleure résilience climatique : un nouveau cadre pour la séquestration du carbone a été adopté et un fonds national de contingence pour la gestion des risques de catastrophes est désormais opérationnel. Le FMI encourage les autorités à poursuivre leurs efforts dans la gouvernance, la lutte contre la corruption et la mobilisation des ressources internes, tout en maintenant un taux de change flexible et une politique monétaire rigoureuse pour contenir l'inflation et renforcer la stabilité macroéconomique.

FMI – MADAGASIKARA : Fanampiana 107 tapitrisa dolara ho fanohanana ny toekarena

Nahazo fanampiana ara-bola mitentina 107 tapitrisa dolara i Madagasikara taorian'ny fankatoavan'ny Filankevim-pitantanana eo anivon'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena (FMI) ny momba ny FEC (Facilité Elargie de Crédit) sy ny FRD (Fonds pour la Résilience et la Durabilité). Ity fanapahan-kevitra ity dia manamarika ny fitohizan'ny firosoana eo amin'ny fanatanterahana ireo fanavaozana ara-toekarena nataon'ny Fanjakana, na dia eo aza ny fanamby maneran-tany toy ny fihenana'ny fanampiana avy any ivelany, ny loza voajanahary miverimberina, ary ny fiakaran'ny hetra amin'ny fadin-tseranana any Etazonia.

Anisan'ny zava-dehibe nohamafisin'ny FMI ny fanombohana sy fanatanterahana ny drafy-panarenan'i JIRAMA. Toy izany koa, ny fanohizana ny fampiharana ny fanitsiana amin'ny vidin-tsolika.

Eo amin'ny sehatry ny FRD indray, efa dingana lehibe no vita amin'ny fanamafisana ny fahaiza-miatrika ny fiovaovan'ny toetr'andro, toy ny fananganana rafitra vaovao momba ny fitahirizana karbônina sy ny fananganana Tahirim-bola Nasionaly ho fiatrehana ny loza voajanahary.

*Mamporisika hatrany ny FMI ny amin'ny anohizana
ny ezaka ataon'ny Fanjakana malagasy amin'ny
fanatsarana ny fitantanana, ny ady amin'ny kolikoly,
ny fanamafisana ny vola miditra eto an-toerana, ary ny
fitazonana politika ara-bola hentitra.*



Renforcement des capacités économiques : une dynamique régionale en marche



Madagascar a eu l'honneur d'accueillir les réunions conjointes des Comités Directeurs de l'AFRITAC Sud (AFS) et de l'Africa Training Institute (ATI), deux institutions stratégiques du Fonds Monétaire International (FMI), engagées dans le renforcement des capacités économiques, techniques et humaines en Afrique à Antananarivo, les 30 juin et 1^{er} juillet 2025

Cet événement de haut niveau a rassemblé à Antananarivo des représentants des pays membres, des experts du FMI, des Partenaires Techniques et Financiers, ainsi que des représentants régionaux et institutionnels. Il s'est tenu dans un esprit de collaboration, de partage d'expériences et d'engagement pour une gouvernance économique plus efficace, résiliente et inclusive.

Réalizations concrètes et coopération renforcée

Les travaux ont permis de faire le point sur les réformes engagées grâce à l'accompagnement de l'AFS et de l'ATI. Les participants ont salué :

- Les avancées en gestion des finances publiques et des risques budgétaires,
- L'amélioration des systèmes comptables publics et des statistiques macroéconomiques,
- La modernisation des procédures fiscales et douanières,
- L'élaboration de politiques monétaires adaptées aux contextes nationaux,
- La professionnalisation du capital humain à travers des formations de haut niveau.

Les témoignages des bénéficiaires ont illustré les retombées positives de ces interventions, notamment à Madagascar, où l'État a pu initier des réformes majeures en matière de gestion budgétaire, de valorisation du patrimoine public et de digitalisation des services.



Une vision stratégique pour l'avenir

Dans son discours d'ouverture, Madame Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON, Ministre de l'Économie et des Finances, a souligné la fierté de Madagascar d'avoir été choisie pour accueillir cet événement de portée continentale. Elle a mis en avant l'importance d'un renforcement durable des capacités comme levier de réforme publique, tout en saluant la qualité de la coopération technique avec le FMI à travers l'AFS et l'ATI.

Cap sur 2026 : orientations stratégiques validées

Les réunions ont permis de :

- Valider le plan de renforcement des capacités pour l'exercice 2026
- Encourager une diversification des financements,
- Promouvoir la coopération interrégionale avec d'autres centres du FMI,
- Optimiser l'évaluation des résultats sur le terrain.

En parallèle, le Comité de pilotage de l'ATI s'est également réuni, le 1^{er} juillet 2025 à Antananarivo, sous la présidence de Madame la Ministre, afin de faire le point sur les activités de formation menées en Afrique subsaharienne et de tracer les perspectives pour 2026.

- Les membres ont unanimement réaffirmé leur soutien à la mission de l'ATI, en soulignant :
- La pertinence continue des formations dispensées,
- Leur impact positif sur le développement institutionnel,
- L'importance d'innover dans les formats pédagogiques,
- La collaboration croissante avec les institutions nationales et régionales.



Fivorian'ny Komity Mpitantana ny AFRITAC Sud sy ny Africa Training Institute eto Madagasikara

Fahombiazana tanteraka no azo hilazana ny fampiantranoan'i Madagasikara ny fivorian'ny Komity mpitantan'ny AFRITAC Sud (AFS) sy ny Africa Training Institute (ATI), izay sampan-draharaha roa lehibe ao amin'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena (FMI) natokana hanamafisana ny fahaiza-manao ara-toekarena eto amin'ny faritra atsimon'i Afrika. Ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo no nitarika ny fivoriana izay niarahana tamin'ireo firenena mandrafitra azy, ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola, ary ireo fikambanana iraisam-pirenena toy ny SADC sy COMESA.

Raha ny AFRITAC SOUTH dia nisy ny fifanakalozana narahana adivevitra izay niresahana ny fametrahana ny famaritana IPSAS, ny fitantanana ny trosam-panjakana ary ny fametrahana politika ara-bola.

Ankoatra izay, dia nisy ny fandinihana ny tetibolan'ny AFRITAC Sud sy ny fomba entin'izy ireo hanohizana ny fanampiana fanaony nohon'ny fangatahan'ireo firenena mpikambana ao aminy. Teo ihany koa ny fandanihana ny drafitr'asa ho an'ny taona 2026.

Ho an'i Madagasikara manokana dia nanamafy ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola fa manao ezaka manokana i Madagasikara amin'ny fanavaozana ny fitantanam-draharaham-panjakana, ny fangaraharana ara-bola, ny fanavaozana ny rafitry ny Hetra sy ny Fadintseranana, ny fitantanana ny trosa, ny antotan'isa ara-toekarena, ary ny nomerika,... Dingana maro hoy izy no efa vita, miaraka amin'ny fanohanana avy amin'ny AFRITAC Sud.

Raha ny ATI indray, dia tanjon'ny fivoriana ny fanaovana jeritodika ny zava-bita ary hamaritana ny laharam-pahamehana stratejika ho an'ny taona ho avy. Noresahana tao anatin'izany ny fanavaozana, ny fiaraha-miasa amin'ny mpiara-miombon'antoka, ny vinan'ny FMI, ary ny drafitra famindrana toerana ny ATI.

Nankasitraka ny vokatry ny asa fanohanana nataon'ny ATI tany amin'ny firenena afrikanina ny mpikambana. Nanaiky ihany koa ny drafy-piasana ho an'ny taona ho avy izy ireo, na eo aza ny fanamby ara-bola na ny fitomboan'ny amin'ny fiofanana mivantana.

Tsiahivina fa i Mali indray no handray ny fitarihana ny Komity Mpitantana manaraka.

La réunion a été marquée par des panels thématiques sur les enjeux monétaires, la régulation financière et les priorités en matière de développement des compétences. Les discussions ont aussi abordé les perspectives de relocalisation de l'ATI, ainsi que les orientations stratégiques du FMI à moyen terme en matière de formation.



Une mobilisation régionale d'envergure

Au total, 126 participants (en présentiel et en ligne) issus de 26 pays membres, d'instances régionales, de partenaires de développement et du FMI ont pris part à ces réunions. Cette forte mobilisation témoigne de l'importance accordée au développement des capacités dans les processus de transformation des administrations publiques africaines.

Une passation honorifique

Le Mali assurera la présidence du prochain Comité de pilotage de l'ATI, prenant ainsi le relais à l'issue de cette 12^e édition organisée avec succès par Madagascar.

Remerciements et conclusion

Le Ministère de l'Économie et des Finances exprime sa profonde gratitude à l'ensemble des délégations, experts, partenaires et équipes techniques mobilisées, ainsi qu'au FMI, à l'AFRITAC Sud et à l'ATI, pour la confiance accordée et la qualité des échanges. Ces réunions ont constitué un moment fort de coopération régionale et de dialogue stratégique, au service de la performance économique et institutionnelle du continent.



ASSISTANCE ET
FORMATION
DU FMI
EN AFRIQUE



« Ensemble, poursuivons nos efforts pour bâtir une Afrique plus résiliente, compétitive et solidaire, où le renforcement des capacités demeure le socle de toute réforme durable. »



Atelier de dissémination du Rapport d'évaluation MAPS II

La Salle de Conférence du Ministère des Affaires Étrangères a accueilli, le 19 juin dernier, l'atelier dédié à la présentation des conclusions de l'évaluation du système national de passation des marchés publics, réalisée selon la méthodologie MAPS II (Methodology for Assessing Procurement Systems). Une cérémonie qui s'est tenue en présence de plusieurs hautes personnalités telles que Mesdames RASATA Rafaravavitaika et Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON, respectivement Ministre des Affaires Étrangères et Ministre de l'Économie et des Finances, Monsieur Adam AMOUMOUN, Représentant pays de la BAD à Madagascar, et Monsieur Dialo MOUSTAPHA, Représentant de la Banque Mondiale.

La refonte du système national des marchés publics en est à sa phase préparatoire. Avant toute réforme, une évaluation approfondie a été jugée nécessaire afin de mieux comprendre les points forts et les faiblesses du système. Pour ce faire, les autorités ont adopté la méthodologie internationale MAPS, avec la participation du Secteur Privé et de la Société Civile, dans un esprit d'inclusivité. Cette évaluation, financée par la Banque Mondiale et la Banque Africaine de Développement, a été validée par le Secrétariat MAPS. L'atelier en cours marque la diffusion officielle de ses conclusions.

Dans son discours, la Ministre de l'Économie et des Finances a salué l'engagement de tous les acteurs et a souligné que cette étape ouvrait la voie à une réforme ambitieuse. Un plan d'actions prioritaires est en cours d'élaboration, centré sur le renforcement des capacités, l'amélioration du cadre réglementaire, la digitalisation, la promotion de la concurrence, ainsi que l'intégration de principes de durabilité et de responsabilité sociale.

Le Secrétaire Général du Gouvernement a, pour sa part, insisté sur la nécessité de concrétiser les recommandations du rapport, notamment à travers un meilleur contrôle des prix et une transparence accrue, pour renforcer la lutte contre la corruption.

Les Partenaires Techniques et Financiers ont exprimé leur volonté de continuer à accompagner Madagascar dans la mise en œuvre des réformes proposées. Le Grand Argentier a conclu l'atelier en appelant à une synergie d'actions fondée sur la transparence, la rigueur et la confiance mutuelle. Elle a encouragé tous les acteurs à faire des marchés publics un vecteur de croissance durable, d'innovation, de création d'emplois et d'inclusion sociale.

« Engageons-nous pour que chaque marché public devienne un catalyseur de développement durable, d'innovation, d'emploi local et d'inclusion ».

Atrikasa fampahafantarana ny Tati pikarohana MAPS II

Tontosa ny 19 Jona lasa teo, ny atrikasa fanolorana ireo fehin-kevitra fanombanana ny rafitra nasionaly momban'ny tsenambaram-panjakana, araka ny MAPS II (Methodology for Assessing Procurement Systems). Nanotrona izany fotoana izany ny Minisitry ny Raharaham-bahiny, ramatoa RASATA Rafaravavitaika, ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, ny Solontenan'ny Banky Afrikana ho an'ny Fampandrosoana (BAD), andriamatoa Adam AMOUMOUN, ary ny Solontenan'ny Banky Iraisam-pirenena, andriamatoa Dialo MOUSTAPHA.

Andalam-panavaozana ny rafitra nasionaly momban'ny tsenambaram-panjakana amin'izao fotoana izao. Alohan'ny hitondrana fanavaozana, dia ilaina ny manatanteraka fanombanana lalina mba hahazoana mamaritra tsara ireo tanjaka sy fahalemena misy. Notanterahin'ireo manam-pahaizana mpanara-maso, niarahania tamin'ny sehatra tsy miankina sy ny fiarahamonim-pirenena, ary arahina amin'ny fenitra iraisampirenena ny fomba fiasa MAPS.

Ny Banky Iraisam-pirenena sy ny Banky Afrikana ho an'ny Fampandrosoana kosa no nisahana ny famatsiam-bola ho an'ity fanombanana ity, ary nankatoavin'ny Sekretaria MAPS izany. Ity atrikasa ity no famoahana ara-pomba ofisialy ny vokatra azo.

Nandritra ny lahateniny, dia nankasitraka ny ezaka nataon'ny rehetra ramatoa Minisitry, ary nanamafy fa hanokatra lalana ho amin'ny fanavaozana goavana izao dingana izao. Efa eo ampanamboarana ny drafitr'asa izay mifantoka amin'ny fanamafisana ny fahaiza-manao, fanatsaràna ny rafitra ara-dalàna, fampidirana ny teknolojia, fampiroboroboana ny fifaninanana, ary fampiharana ireo foto-kevitra momba ny fampandrosoana maharitra sy ny andraikitra ara-tsosialy.

Ho fanampin'izany, nanamafy ny Sekretera Jeneralin'ny Governemanta ny maha-zava-dehibe ny fampiharana ny tolo-kevitra ao anatin'ity tatitra ity, indrindra amin'ny fanatsaràna ny fanarahamaso ny vidim-pananana sy ny fampitomboana ny mangarahara, mba hanamafisana ny ady amin'ny kolikoly.

Naneho ny fanohanany ireo ny mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola, ary vonona hanohy hanohana an'i Madagasikara amin'ny fampiharana ny fanavaozana natolotra. Nifarana tamin'ny antso nataon-dRamatoa Minisitry ny atrikasa, mba hikatsahana fiaraha-miasa miorina amin'ny mangarahara, fahamailoana ary fifampitokisana. Nanentana ny rehetra izy mba hahatonga ny tsenambaram-panjakana ho fototra ho an'ny fampandrosoana maharitra, ny fampivoarana, ny famoronana asa ary ny fandraharahana ara-tsosialy.



Fangaraharana, fahitsiana, tamberin'andraikitra : fototra iorenan'ny fitokisana sy ny asam-panjakana.

Halatra atao amin'ny vahoaka Malagasy ny fanodikodinana ny vola sy ny fananam-panjakana. Arovy ny tombotsoa iombonana.



Maimaimpoana ny asam-panjakana. Ny fandavana ny fanomezana tsy ara-dalàna dia fiarovana ny hasin'ny andraikitrao.

Manimba ny fahatokisan'ny vahoaka ny mandoto ny hasintsika ny fanaovana kolikoly mandray. Hajaiko ny tenako, hajaiko ny lalàna, hajaiko ny hafa.